# Ilay Voa Tsara Nafafy 05 Jolay 2018

# 5 **Alakamisy** jolay

**Ary ireny valo ambin'ny folo *(lahy)* ireny, izay nianjeran'ny tilikambo tao Siloama ka maty, ataonareo va fa mpanota mihoatra noho ny olona rehetra izay monina ao Jerosalema ireny ? Tsia, hoy Izaho aminareo ; fa raha tsy mibebaka ianareo, dia ho ringana tahaka azy koa ianareo rehetra.** Lioka 13. 4-5

**Voavotra tamin'ny fomba mahagaga**

Raiki-tory ity mpamily nitondra fiara teo amina lalambe marozotra. Nidòna tamin'ny fefy afovoany ny fiarany, ka nihodin-doha. Avy eo dia nivadika ambony ambany ilay fiara ary nifatratra tsy nihetsika intsony teo amin'ny sisin-dalana. Tsy nisy nahafantarana azy intsony ilay fiara ; fa ilay mpamily kosa afaka nivoaka irery avy tao, mazava ho azy fa taitra mafy, kanefa tsy naratra na dia kely aza. Ireo mpamonjy voina nantsoina mba hamonjy dia tsy nanan-kambara afa-tsy hoe : voavotra tamin'ny fomba mahagaga !

Fa nahoana moa io mpamily io no tafavoaka tsy naninon-tsy naninona ? Nahoana izy no tsy maty tamin'io loza mahatsiravina io ? Tsara vintana, hoy ny sasany. Fa tsy ny fahari-pon'Andriamanitra ve no mbola nanome tombon' andro ho azy, hahazoany mitodika aminy ? Trangan-javatra toy izany ve, tsy mampanontany tena ny tsirairay, hoe inona marina àry ny dikan'ny fiainany ? Nahoana moa aho no eto an-tany ? Inona no tena zava-dehibe ? Omen'Andriamanitra fotoana ny olona tsirairay mba hiainany fahagagana lehibe tsy hay refesina, dia ny hahafantarany an'i Jesosy Kristy ho Mpamonjy, sy ny hanorenany fifandraisana tsy mety levona aminy. Aza avela handalo fotsiny izany fotoana izany.

Tonga Jesosy mba hanaisotra izay mampisaraka antsika amin'Andriamanitra, dia ny ota. Maty teo amin'ny hazofijaliana Izy, mba hamafa ny fahotan'ireo rehetra mino Azy. Koa izay rehetra mandray an'i Jesosy Kristy ho Mpamonjiny dia voavotra tamin'ny fomba mahagaga. Tsy hiharan'ny fahafatesana mandrakizay izy ireo, izany hoe tsy ho tafasaraka tanteraka ho mandrakizay amin'Andriamanitra ; ary tsy izany ihany, fa koa miditra amina fifandraisana velona sy sambatra amin'Andriamanitra, Izay manjary Rainy.